# Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Septambra 2018

# 18 Talata septambra

**Izay rehetra manota dia andevon'ny ota... Koa raha ny Zanaka *(ny Zanak'Andriamanitra)* no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo.** Jaona 8. 34, 36

**... mba tsy hanompoantsika ny ota intsony.**
Romana 6. 6

## Olona afaka

Ireo izay mino an'i Jesosy Kristy dia mety ho sahiran-tsaina, mahita ao anatiny ao, fironana mikiry ho amin'ny ratsy. Ahoana no hahafahan'ny kristiana manohitra io fironana io ? Andao hanao fanoharana iray.

Alaivo sary an-tsaina hoe manofa efitrano ao amina tranobe iray ianao. Mandray isam-potoana ny hofantrano ny tompon-tranonao. Tsy izany fotsiny anefa, fa tena mila vaniny izy, ary matetika no tonga amin'ny fotoana tsy ampoizinao.

Tatỳ aoriana dia namidiny ilay tranobe. Hafa tanteraka, tsy toy io tompon-trano io, ilay tompon-trano vaovao. Misahirana izy, manao izay hahatamana tsara ny mpanofa trano. Ka mahazo aina erỳ ny olona rehetra !

Dia nandeha tsara teny ny zava-drehetra. Indray andro anefa, nisy nandondòna tao am-baravaranao : hay ilay tompon-trano teo aloha, izay mbola monina ihany ao amin'io tranobe efa namidiny io. Tsy manana zo ao intsony izy, nefa mitady hiverina hanjakazaka, toy ny fanaony. Nandrahona anao mihitsy aza izy, hoe hitory anao any amin'ilay tompon-trano vaovao.

Inona no hataonao ? Tsy mifandray aminy mihitsy ! Amin' ilay tompon-trano vaovao ihany ianao no manana adidy. Koa aza raharahaina akory izay takian'io tompon-trano taloha io. Avoahy tao an-tranonao izy, dia akatony ny varavaranao.

Dia toy izany koa, mahita Tompo vaovao ny mpino, ao amin'i Kristy. Nefa tsy tokony hohadinoin'izy ireo fa mbola ao anatin'izy ireo ihany ny ota, ilay faka iavian'ny asa ratsy. Rehefa miseho ny fironana ho amin'ny fahotana, dia afaka ho hentitra ny kristiana, manohitra ny fakam-panahy. Eo mantsy ny Tompony ankehitriny, azony iresahana izany ary azony ianteherana, mba hahazoany fanampiana sy hery.